


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fifamatorana amin'ny Hazofijaliana

Andeha isika hivoaka hanatona Azy any ivelan’ny toby.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny fanoloran-tena amin'i Jesosy dia mitaky ny famantarana amin'ny Hazo Fijaliany sy fandehanana any amin'ny toerana nanomboana Azy. Izany fanoloran-tena izany dia manapaka zavatra roa: ny fampifaliana ny tena sy ny fampifaliana izao tontolo izao.

> “Ry rahalahy, aoka samy hanahaka ahy hianareo, ka diniho izay mandeha tahaka ny anananareo anay ho marika. Fa maro no mandeha, izay efa nolazaiko taminareo matetika, sady mbola lazaiko aminareo amin'ny fiomanana koa ankehitriny, fa fahavalon'ny hazo fijalian'i Kristy ireny; fahaverezana no hiafarany, ny kibony no andriamaniny, ny fahamenarany no voninahiny, fa misaina ny an'ny tany izy.” (Filipiana 3:17–19)

I Paoly dia niresaka ny amin’ny olona izay mitonona ho Kristiana fotsiny, dia fahavalon’ny hazo fijaliana izay milaza ho mpanara-dia an’i Kristy. Manaram-po amin’ny tenany izy ireo ary mametraka ny sainy amin’ny zavatr’izao tontolo izao. Ny fitsipiky ny hazo fijaliana — fahafatesana ho an’ ny tena sy ny zavatry ny nofo — dia tsy nampiharina teo amin’ny fiainan’izy ireo. Na dia ao amin’ny fiangonana aza, dia maro ny olona milaza ho tsy mivadika amin’i Kristy nefa mandà ny Hazo Fijaliany. Fahapotehana no hiafarany.

Amin’ny famantarana antsika amin’ny hazo fijalian’i Jesosy, dia manapaka ny fampifaliana an’izao tontolo izao koa isika. Nanoratra ireto teny henjana ireto i Jakoba tamin’ireo izay mitonona ho mpino:

> “Ry mpisintaka mijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an'Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao,

© 2008 - Dries Du Plessis

dia fahavalon'Andriamanitra izy." (Jakoba 4:4)

Nantsoin'i Jakoba hoe "mpijangajanga" ireo olona ireo. Ny fahatongavana ho anisan'ny ampakarin'i Kristy, ny fiangonana, dia mitaky fanoloran-tena ara-panahy — ny ampakarina dia tokony ho tokam-po, mirona tanteraka ary manolo-tena ho an'i Jesosy. Raha io mifidy an'i Jesosy io no idiran'ny fitiavana an'izao tontolo izao, dia mpijangajanga ara-panahy isika. Tsy feno finoana an'i Jesosy Kristy Mpampaka-bady isika. Ny hoe naman'izao tontolo izao dia ny fijangajangana ara-panahy.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa miantso ahy hiala amin'ity tontolo ity Ianao. Manambara aho fa mampihatra ity fitsipiky ny hazo fijaliana ity aho — ny fahafatesana amin'ny tena sy amin'ny zavatry ny nofo. Hanatona Azy eny ivelan'ny toby aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-353-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

